An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Ny fanomanana ny fameloma-maso ny antoko TIM tany Alasora, natao tao amin'ny Espace Planet M.

MPANAKANTO « SAINA »

Mivoy ny « Rango »

Herinisaina Andrianaivo Jean Berthieu, no tena anarany. Saina, no nofinidiny hoentina eo am-pikirakirana ny mozika. Ilay vazo « Savika » no nahafantaran'ny maro azy. Zanak'i Amoron' i Mania i Saina izay miangaly ny « Rango ». Ity farany izay mozika fanaon'ireo mponina any Amoron'i Mania rehefa miasa toy ny fihosena tanimbary. Tsy misaraka amin'ny fampiasana ny zavamaneno kabôsy sy ny fanamiana mampiavaka ny Betsileo toy ny fampiasana ny loko marevaka miampy ny fisalorana ny lamba ny Rango. Ny horija betsileo no gadona mifanakaiky aminy.

Ho an'i Saina, manompana ny fikarohana ataony ho fampivelarana ny Rango, ity mpanakanto vao erotrerony ity. Ampahany amin'izany ny fampiarahana ny Rango amin'ny decallé. Andalana ihany koa ankehitriny ny fampivadiana ny Rango amin'ny dombolo. Ireo rehetra ireo no atao, hoy i Saina dia ny hahafahana mambabo ny sokajin'olona rehetra hankafy ny Rango manerana ny Nosy hatrany Dilambato. Mivoy mandrakariva ny soatoavina malagasy tahaka ny fihavanana, firaisankina anatin'ny tononkirany i Saina. Mirakitra hafatra mafonja sy mora raisina ho an'ny daholobe ihany koa ny sanganasany.

Ankoatry ny talentan'i Saina milalao ny Rango, havanana amin'ny filalaovana gadona avy amin'ny lafivalon'i Gasikara ihany koa izy. Naneho ny fahavononany hatrany hanandratra avo ny « Rango » ary hampivelatra ny mozika malagasy i Saina.

Lalasoa R.



Saina, tanora miezaka manandratra ny soatoavina malagasy.

Sakafo Ny Valosoa

Foza sy henakisoa indray, no laoka amin'ny Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ridritra izany, hasiana saosy tongolo sy voatabia ihany koa. Dia mazotoa homana tomoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Ny soa azo avy amin'ny thym na ditâ

Ny soa azo avy amin'ny thym, na ditâ hoy isika Malagasy no Mahasoa eto amin'ny gazetinao androany. Laron-tsakafo manome hery izy, manamora ny fandevonan-kanina, miaro amin'ny otrikaretina sy ny mikraoba samy hafa koa.

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Ambolomoty any amin'ny distrikan'i Marovoay faritra Boeny

Tao aorian'ny fampahafantarana ireo tanàna tamin'ireo kaominina miisa 9, tao amin'ny distrikan'i Mahajanga faha-2 dia ireo tanàna amin'ny kaominina miisa 13, amin'ny distrikan'i Marovoay faritra Boeny indray, no ampahafantarina anao amin'ny pejy Mahaliana ity.

Ny tanànan'Ambolomoty dia renivohitry ny kaominina Ambolomoty, iray amin'ireo kaominina miisa 13 mandrafitra ny distrikan'i Marovoay. Any afovoany atsinanan'ny faritra Boeny no misy azy. Azo lazaina ho mbola iva toerana izy, satria 11 m ny haavony miohatra amin'ny ranomasina. Toy ireo kaominina ao amin'ny distrikan'i Marovoay, vokatra any ny vary. Ny haninkotrana isan-karazany: katsaka, mangahazo. Ny voankazo toy ny manga koa dia hita any Ambolomoty.